Kabary Malagasy

Nosoratan'i

M'Umpy Ann

Copyright © 2015 **M'umpy Ann**

Boky novokarin'ny vondrona **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**.
http://www.koloiko.com/

Tsy azo kitihina na ovana ireo soratra eo ambony eo ireo.

Natonta fanintelony: Novambra 2015.

Fanoroam-pejy

Fampidirana **v**

1 Fomba fiteny momba ny kabary **1**

2 Kabary am-bohitra **5**

3 Kabary fanaladiana **7**

4 Kabary famadihana **11**
4.1 Sao-drazana 11
4.2 Famonosana 12
4.3 Tantana 13
4.4 Hira gasy 14

5 Kabary am-panambadiana **15**
5.1 Fizotran'ny kabary am-panambadiana 15
5.2 Santionana kabary 16
5.2.1 Mbola ety ivelan'ny trano 16
5.2.2 Tafiditra ao an-trano 17

6 Famaranana **29**

Dikateny **31**

Fampidirana

Karazana kabary malagasy maromaro no ho hitanao ato anatinin'ity boky ity, toy ny kabary am-panambadiana, kabary famadihana, kabary fanaladina, sns. Misy fanazavana ny firafitr'ireo kabary ireo ato, arahana ohatra maromaro azo anaovana fampiharana.

Toko 1

Fomba fiteny momba ny kabary

Ato amin'ity toko ity no hahitantsika ireo fomba fitenenana isan-karazany mikasika ny kabary miaraka amin'ny fanazavana ny dikan'izy ireo.

Atao an-kabary raharaha tokony nodinihana am-pihavanana nefa natao antso avo hiantsoana sy namoriana vahoaka.

Azon-kabary anateran'ny olona ady na torian' olona. Izany hoe: tongavan'ny olona ao an-tokatranony ohatra dia ilany ady.

Be kabary olona tia fifamaliana na tia teniteny, olona mora tohina amin'ny zavatra tsinotsinona.

Kabary be molotra vehivavy mahay mandangolango olona amin'ny resaka mahataona. Marihina fa efa tamin'ny andron'ny Andrianampoinimerina dia efa halany ity kabary be molotra ity satria hoy indrindra izy tamin'izany: "raha misy vehivavy manao kabary be molotra manadala vadin-tany dia hamidy izy."

Kabary betsimisy ody atao hampandamoka ny fiampangana mba tsy hahavanona ny fitoriana.

Kabarim-behivavy resaka na ady hevitra tsy misy filaminany fa samy mitsatsaingoka ary milelalela be ihany.

Kabary miaramila mitovy amin'ny hoe: *baiko miaramila* izany hoe baiko hentitra tsy maintsy tanterahina tsy misy ady hevitra.

Kabary miezinezina kabary milaza zavatra lehibe eo amin'ny firenena. Ohatra ilay kabary nataon'Atoa Philibert Tsiranana teo Mahamasina tamin'ny nahavoafidy azy ho filoham-pirenena.

Kabary tsara pasoka kabary tsara rindra sy voalahatra tsara ka mambabo avy hatrany.

Kabary am-panambadiana lahateny hifamaliana ataon'ny olona iray avy amin'ny zatovolahy izay atao hoe *Mpangataka* ary olona iray avy avy amin'ny zatovovavy atao hoe *Mpamoaka*. Marihina fa tsy voatery ho olona iray ihany ireo fa araka ny fomban-tany io mety ho olona iray na maromaro.

Kabary am-pandevenana lahateny atao eo amin'ny fandevenana, filazana ny tantaran'ilay maty sy fisaorana ataon'ny tompo manjo ho an'ny mpandevina.

Kabarim-pokonolona fihaonan'ny olona sy ny ben'ny tanàna mba hiaraka hamolavola ny dina na ny fitsarana atao. Marihina fa taloha dia tsy mbola nisy ny fitsarana fa ny didy izay avoaka dia amin'ny alalan'ny kabarim-pokonolona avokoa no anaovana azy.

Kabarin'adala resaka tsy misy fotony na miriorio foana nefa atao antso avo.

Kabarin'andriana didim-panjakana ambara amin'ny vahoaka novoriana, izany hoe ny andriana dia tsy mba nianatra kabary izany fa efa tompony. Talohan'ny nisian'ny soratra dia ny kabarin'andriana ihany koa no nentina nilazana ny didim-panjakana. Novoriana teo an-kianja ny vahoaka dia eo no atao antso avo ny didiny na ny baiko na ny hafatra avy amin'ny manam-pahefana. Izany hoe tao aorian'ny nandatsahan'ny misionera Protestanta LMS sy Radama ny fiteny Malagasy ho an-tsoratra.

Kabarin'ny mpanao hira gasy mialohan'ny hanaovan'ireo mpihira ny hirany dia manao kabary izy aloha ho firarian-tsoa ary fanazavana fohifohy ny tantara izay asehony ao anatin'ny hira izay ho antsainy rehefa avy eo. Marihina fa efa nianarany tsianjery tsara izy io vao ataony.

Kabarin-gisa izy ity indray dia entina ilazana ireo kabary izay tsy ifandrenesana fa feno horakoraka sy tabataba rano fotsiny.

Kabarin-tsahona mitovitovy amin'ny kabarin-gisa ihany saingy ny kabarin-tsahona indray dia kabary tsy misy antony fa horakoraka fotsiny.

Kabary tsy valiana toy ny toriteny eo ambony polipitra, azo lazaina koa hoe *fiadin'ny kanosa* izy ity.

Kabary ambony vavahady lahateny atao am-pikorontanana na am-pikomiana vahoaka fotsiny. Filazalazana ny tsiambaratelon'ny raharaham-panjakana.

Kabary anelakelan-trano Fifanolanana misy eo amin'ny fiaraha-monina ka alamina sy tsaraina amim-pihavanana fa tsy ampiakarina any amin'ny fanjakana. Azo lazaina ihany koa hoe *kabary tsy mahavery olona*.

Kabary lava fibedesan'olona efa ho lava izany hoe tsy misy fitsaharana fa anio tontolo andro.

Kabary mahabe lohabary resaka manondoka ka mila sitraka hahazoan'ny tena tombotsoa fotsiny.

Kabary tsy efa ady tsy vita fa mbola mitohy ihany ka mbola fohazina mandrakariva.

Kabary tsara lahatra na kabary tsara pasoka lahateny voavoatra fatratra sy voalaza tsara.

Kabary tsy efan-kalahady (halahady = fialan-tsiny) ady tsy voalamina amin'ny fialan-tsiny fotsiny fa ilaina fifampitsaharana na fandaminana ataon'ny ray aman-dreny amin'ny tany na ny loholona eny mety ho tonga hatrany amin'ny fitsarana mihitsy aza.

Lava kabary tsy dia ny laha-teny lava ataon'ny mpikabary no lazaina eto fa ny fitenenana olona iray miverimberina sy mitohy ela na dia amin'ny zavatra madinika aza. Fitenenana mitarozaka sy miverimberina momban'ny zavatra mahasosostra ny tena amin'ny olona.

Mahay mikabary sady tsara ny hevitra ampitaina no malama vava ilay mpikabary.

Manantin-kabary tonga any an-tokatranon'olona na minia manatona azy fotsiny dia miteny azy na manaitra azy mba ho tezitra. Toy ny olona belazao ireny.

Mitondra kabary iraky ny manam-pahefana hilaza am-pahibemaso ny didiny na ny teniny amin'ny vahoaka.

Tsy misy kabary tsy misy ady na fifandirana na fibedesana fa vita tsotra ihany.

Vita kabary voalamina ny zavatra nifandirana sy ny nitenenan'ny olona ny tena.

Zanak'omby tsy ampianarin-domano, zanak'andriana tsy ampianarin-kabary ilazana ny zavatra hay ho azy tsy nianarana. Tsy mila fampianarana betsaka fa misy toetra nolovana nahamora azy.

Toko 2

Kabary am-bohitra

Ity indray dia kabary famangiana mana-manjo, fanao raha mbola eo am-bohitra ny razana.

"Ny maty omby hono tsy mahay mandrasa, ny farara feno rano tsy maneno ary ny zohim-pahoriana tsy mahaloa-peo" koa dia nataon'ireto fianakaviana hanana anjara tsy fidiny ny tenako hitondra ny teniny eto aminareo.

Hivolana eo anoloanareo ary ka manao azafady, fa sady fangatahan-dalana hiteny izany no fanomezam-boninahitra anareo hitenenana ihany koa.

Mitondra ny fialana tsiny koa amin'izay ho ambarako eto, fa ny teny tsy misy hifan-tenana, tsy misy hisafidianana no nampitondraina ahy.

Hoy ny tenin'ny fianakaviana: na dia mitanondrika aza ny loha, ka mijohy ny ra-nomaso noho ny voina mihatra dia tsy "hodian-tsy hita tahaka ny tany nahalavoana" akory ianareo. Ianareo nahafoy andro, nahafoy alina, ka nifampitondra ny mavesatra taminay teto. Mandala ny fihavanana tokoa ianareo, ka nafoinareo noho izany ny tsikalakalam-bola. Navelanareo ny asa aman-draharaha, ny fihariana isan-karazany, fa aleonareo nanao toy ny maso sy orona ka miray alahelo tamin'ny fianakaviana.

Sitraka izay nataonareo tompokolahy, telina izay vitanareo tompokovavy. Tsaroana ho tena maivana ny fahoriana, fa hifampitondrana aminareo. Ka na tsy voavalinay aza ny fitiavana entinareo eto aminay, Ilay Andriamanitra tompon'ny fitiavana anie hamaly izany aminareo tsirairay avy. Ary aoka mba ny soa sy ny tsara indray no hifanodiavana toy izao, ka ho mangidy lavitry ny fahafatesana isika rehetra...

Izao dia hiainga ny razana. Handao ny varavaran-kazo nivoahana marain-tsy hariva izy, ka aterina any amin'ny varavaram-bato, ho any amin'ireo razany nihaloha lalana azy.

Veloma ny tokatrano izay ilaozany. Masina ny farafara izay nandriany. Tratrà ny ela ireo akanga sisa nanamborana. Finareta ny hazo tapaky ny akalana. Soava ny hazo silaky ny sampy. Ianareo rehetra ao atsimo sy avaratra, ny ao atsinanana sy ny ao andrefana, veloma samy ho tahian'Andriamanitra daholo, fa izay nahitanareo azy izay no farany. Veromanga noseranin-dambo RA..., ka tsy hitampody intsony fa nodimandry. Fa ao am-pasana no fara-famoiza-malala.

Ny fiara iombonana ho any amin'ny toeram-pandevenana dia efa vonona daholo. Mahazo maka toerana ianareo rehetra handeha. Ianareo izay tsy afaka kosa dia anterina ny fisaorana sy ny fankasitrahana. Efa feno izay nataonareo, fa tsy sanatria fahalainana akory ny mijanona, na hahazotoana ny mandeha.

Dia ho samy ho ela velona hifanao soa isika rehetra.

"Ny tsy miady anefa, hono, manome basy, ary ny tsy mandeha manome vatsy." Koa mangata-bavaka, mangata-tso-drano, fa handao anareo vetivety izahay.

Mankasitraka sy mankatelina tompoko.

Toko 3

Kabary fanaladiana

Ity indray dia kabary fanaladiana, fanao raha mamangy olona maty ray.

Mpamangy: Manao akory foana izato ianareo, tompoko?

Vangiana: Indreto eto ihany tompoko!

Mpamangy: Avy mamangy amin'ny fahoriana tompoko!

Vangiana: Misaotra tompoko!

Mpamangy: Amin'izao fahoriana mihatra eto amin'ny fianakaviana eto izao, ka amoizana ny vady malala, ny ray tsy foy, ny hava-tiana, dia tonga eto izahay mpiara-miasa. Tonga tsy hamendrofendro, fa tonga hitondra teny fampiononana. Izay iray etrok'afo tokoa no iray dinidinika, izay iray asa iray aina, koa tonga izahay mitondra ny tongotra miara-mamindra, ny tànana miara-mandray ary ny soroka miara-milanja aminareo izao fahoriana izao. Varavarana hivoahany ihany ny eto fa izahay rehetra dia miombom-pahoriana aminareo avokoa.

Tsaroana ho mafy ny fisarahana aman-tany, kanefa atao ahoana fa misamboaravoara ny loza, miantontatonta ny atambo: isa-minitra sy isan'ora dia mihaza aina rafahafatesana, tsy fantatra izay hianjerany. Izany no anjara tsy azo andosirana, kizo tokana tsy azo iviliana, refy tsy misy iamparana. Zara hetra tsy maintsy hefaina rafahafatesana. Ny havana izay lasa dia tombon-dàlana ihany ny azy fa isika rehetra izao dia tsy maintsy handeha avokoa. Izao no andrasan'ny miankandrefam-baravarana rehetra. Ny fasana tokoa no miandry mahazo fa isika olombelona kosa miandry ny tsy fidiny.

Namoy hava-tiana ve tsy hitomany, fa toy ny rahona ny ranomaso ka rehefa mavesatra izy dia mirotsaka. Atanjaho ny saina ry izy mianakavy, onony ny alahelo fa ny ranomaso tsy mahatana aina, ny singam-bolo tsy mahafehy faty. Tsarovy koa fa toy ny tsaramaso lohataona ireny havan-dasa ireny, tsy nalevin-ko lo fa hambolen-kaniry.

Mahaiza mionona tompoko!

Vangiana: Misaotra anareo mpiara-miasa tonga nidododododo raha vao nahare izao fahoriana izao, nahafoy fotoana, nahafoy ny asa maman-draharaha ka tonga maneho ny fiaraha-miory, mitondra ny teny fampiononana ho anay. Tsy nataonareo voin'azony tokoa izahay, fa toy ny maso sy orona isika, ka miray alahelo, tahaka ny tanan-kavia sy havanana ka izay didi-maharary...

Tsy ny laingolaingom-paraky tokoa no mangidy na ny laingolaingon'amberivatry no mafaitra fa ny fisarahana aman'aina. Ny fandaozan'ny havana malala toy izao no tena mangidy sy mafaitra. Raha tonga anefa ianareo mitondra ny tongotra miara-mamindra sy ny tànana miara-mandray dia tsaroana ho mitraka ny loha, toa misindasinda ny alahelo. Itondranareo ny soroka miara-milanja ka maivana ny fahoriana. Sitraka sy telina izao ataonareo izao tompoko. Tsy misy mampionona tokoa aza moa mionona koa maika fa hijoroanareo toy izao. Hionona izahay, tompoko, ary mba tsy ho ratsy intsony anie no hifanodiavana toy izao, fa mba ny tsaratsara kokoa!

Manantitra ny fisaorana tompoko!

Mpamangy: Mahaiza mionona tompoko! Amin'ny fahoriana toy izao dia tsaroana ilay fitenin'ny Ntaolo manao hoe: "raha avy izay fahafatesana dia aza avela hivarina amantany ny maty fa fonosy lamba, ary aza avela hifi-dranomaso ny velona, fa omeo ranombary hosotroiny." Noho izany ry izy mianakavy dia manana andraikitra amin'izao fahoriana izao izahay, noho ny fehim-pihavanana misy ao am-piasana. Tonga izahay manantateraka izany eto ka mitondra ny "solon'ny fao-dranomaso manorika amin'ny tava sy ny singandandy ampombaina ny maty". Mitondra ihany koa ny fialan-tsiny ho an'ireo izay tsy afaka mijoro eto ankehitriny noho ny antony maro, na izany aza anefa ny fo amampanahin'izy ireny dia miombona alahelo aminareo tanteraka. Koa aza misosoka alahelo intsony tompoko!

Vangiana: Dia mbola manantitra ny fisaorana ho anareo izahay, fa zava-dehibe tokoa no ataonareo. Ny tenanareo efa tonga nitondra ny teny mamy ho fampiononana. Tsy vitan'izany fa mbola mivimbina koa ny vola aman-karena ho solon'ny fao-dranomaso mijohy amin'ny tava, mitondra koa ny singan-dandy ho an'ny maty. Lehibe ianareo ka tsy ho telinay fa raha izao ataonareo izao dia tena sitraka enti-matory ary telina enti-mifoha tokoa. Ny amin'ireo tsy tonga indray dia tsy misy tsiny mihitsy, fa ianareo efa mahasolo toerana ny rehetra. Efa feno izay nataonareo, ka ampitao any amin'ny namana sy ny ankohonanareo avy ny fisaoranay.

Ho mangidy lavitry ny fahafatesana daholo anie, hidifin-doza, hiheren'atambo, ary ny vola aman-karena niala taminareo hihonitra zato heny. Koa dia misaotra indrindra tompoko!

Mpamangy: Raha ny rariny sy ny hitsiny dia tokony hiara-hipetrapetraka aminareo eto izahay, nefa moa noho ny maha-fotoana fiasana dia, ny asa aman-draharaha lolohavina fa ny fihavanana kosa vimbinina. Koa dia mangata-dàlana hitsaitsaika handao anareo izahay tompoko.

Vangiana: Ny mandeha tsy laina, ny mijaonoa tsy zoto, ny adidy aman'andraikitra koa mbola maro sahanina ka omen-dàlana ianareo tompoko.

Mpamangy: (Mandray tànana ny olona mipetraka, ny eo aloha ihany, no sady manonona ny teny fampiononana indraim-bava dia mitsaitsaika mivoaka.)

Toko 4

Kabary famadihana

4.1 Sao-drazana

Ny atao hoe *sao-drazana* dia ilay vola omen'ny vahiny an'ireo fianakaviana tompon-trano mandritra ny famadihana. Ireo olona mpanome ny vola dia mifidy olona iray avy amin-dry zareo hanao ny kabary. Mifampiarahaba aloha ny vahiny sy ny tompon-trano alohan'ny hitenenan'ilay mpikabary. Marihina fa ny sao-drazana dia omena alohan'ny hamonosana ny razana fa tsy aoriana.

Inty ary misy karazana kabary fanao rehefa manolotra ny sao- drazana. Kabary ifamaliana izy io, ary ny mpikabary avy amin'ny vahiny no miteny mialoha.

Mpikabary: Manao azafady tompokolahy sy tompokovavy, raha mijoro tsy hanontaniana toa horonan-tsihy eto ny tenako, tsy mbola ilay fanoto natao hahafotsy koa anefa aho fa mbola ilay tahony kely milanja ny voany ihany. Ary noho ny teny tsy ifandrombahana ary ny volana tsy ifanosehana dia izaho no nasain'izy ireo hitondra ny fitenenana eto anio, teny nomena e tompoko ka mahasolanga fa raha tsy nomena dia mahajoko. Na dia nomena ahy toy izany aza ny fitenenana dia miala tsiny aho satria izay miteny tsy afa-tsiny, izay atao rehetra savihin-doza avokoa ka ialako ny tsiny. Amin'izao fanetsiketsehanareo ny taolam-balo izao ry izy mianakavy dia hita tokoa fa tanteraka aminareo tokoa ny hoe nitoto ianareo ary nahafotsy, koa amin'izany indrindra dia tonga eto izahay izay tsy hafa fa ny trano atsimo sy avaratra aminareo ihany, tonga miombona hafaliana aminareo koa dia manatitra ny sao-drazana izahay tompoko ho mariky ny hafalianay.

Tompon-trano: Misaotra indrindra anareo tompoko satria isika izao tokoa no toy ny molo-bilany ka indray mihodidina ihany. Dia ankasitrahana eto tokoa izao firaisan-kina lehibe asehonareo izao fa dia tsy ho voavaly tompoko fa dia ao Andriamanitra sy ny razana hamaly azy aminareo. Samy mba ho ela velona avokoa isika mianakavy ary ho ambinindrary sy mba andairan-tso-drano avy anie isika tsirairay avy, ny mpamboly hahavokatra, ny mpiompy hahavanona, ny mpitaiza ho tojo zaza mpanoa, ny bevohoka manaova mora,

ny tsy manambady hahita ny anjarany ary ny manana tokatrano maharena tokantrano. Sitraka enti-matory tompoko fa dia ho valiana rehefa mifoha.

4.2 Famonosana

Inty indray dia santionana kabary famonosana atao mandritra ny famadihana.

Azafady tompokolahy, azafady tompokovavy fa i zandry no mody zoky hono malaina hitondra entana ary i zoky no mody zandry kosa dia ny fahalainana mitondra fitenenana, ka raha mijoro eto ny tenako dia manao azafady manembana ry andriambavilanitra, azafady miserana ry andriandahin'ny tany manatrika etoana raha hitondra fitenenana satria sady fanomezam-boninahitra anareo hitenenana izany no sady fangatahan-dalana hiteny ihany koa. Na izany aza anefa tsy entanim-pitia toa lalitra aho ka hitsabaka alohan'ny sotro ary na maika toy inona koa aza aho ny hiteny, ny toto-kena tsy fanasa, ny ravi-toto tsy fitetika ka tsy maintsy miala tsiny, miala fondro satria na dia tsy sanga hololohavina aza aho dia tsy mba ny rambo fitarika akory. Tsy mba ny hazomanga tsy afaka an-joro firarazana aho akory fa mba ny tehina fandrairay ihany. Rehefa afaka ny tsiny fanalan'ny vava sy ny fondro fanalan'ny molotra dia maivana ny teny tiana ambara, nefa ny arahaba tsy maintsy atolotra, koa dia ny hasina sy arahaba atolotra anareo dia toy ny masoandro avy any atsinanana ka ny avo ihany ny trany aloha. Lembalemba tsy mihoatra ny lempona, tendrombohitra tsy mihoatra an'Ankaratra ary avo tsy mihoatra an'Andriamanitra koa dia atolotra azy ny hasina, sy ny dera ary ny hasina ambony indrindra satria Izy rahateo no nanome tombon'andro antsika ka nahafahantsika nanao izao famadihana izao. Manaraka izany koa dia eo koa ny razana iombonana izay mitahy antsika ka anisan'ny miaro antsika koa. Amin'ny maha-olona kosa dia ao lahy ny filohan'ny nosy, ilay lehilahy vola mamoa tavoahangy, voarabe endriky ny saha ka ny tandominy milenodenoka moa ny ialofany maintso mavana. Toy izany koa ireo mpitondra fanjakana isan'ambaratonganY manomboka any amin'ny ambony ka hatrany amin'ny ambany indrindra izay tsy asiantsika hasiny tahaka ny voasary na ankolafiny tahaka ny akondro fa dia izy rehetra ireo no tompon-dalàna hilaminana ka anisany nahafahana manantontosa izay atao.

Tolorana ny hasina koa izy rehetra ireo ary tsy ho solafaka omen-tehina na ho potraka omen-kiraro. Tsy ho lany andro hifampikitra tandroka anie izy rehetra ireo fa mba hijery izay mahasoa sy hahatsara ny ambanilanitra. Arahabaintsika manokana koa ireo ray aman-dreny nitoto nahafotsy nahandro nahamasaka izao lanonanm-pamadihana izao. Izy ireo tokoa ny iambohava-mahefa sy atrehi-mahavita ary enga anie izy ireo tsy ho atoro voanjo hadiana fa hahalala ny mavo ravina ho ahifika. Ary tsy sanatria atao ambany maso tsy hita toa vatan'orona na ambony maso tsy hita toa tampon-kandrina ianareo rehetra tsy nahalavi-tany, ianareo havana aman-tsakaiza fonenana sy lafivalo tonga nidododo amin'izao famadihan-drazana izao, tonga ianareo nanotrona ny velona sy nanao tsara levenana ny razana, dia izao ny tenin'ireo zana-drazana manao hoe: hosoavin-janahary hono ianareo tompoko, aza marofy, ho lava velona ary ho todin'ny soa sy ny tsara amin'ity

tany ity ary manodiava anareo hono tompoko ny fahasoavana.

Koa amin'izao ary tompokolahy sy tompokovavy dia ireto hitantsika ireto ny lambamena hamonosana ireo razana, tsy sanatria akory haitraitra na rendrarendra fa dia fangatahan-tso-drano sy fanambinana amin'ireo razana. Koa ity ny lamban'ny Itompokolahy Rainibeza izay ray aman-dreny lehibe teto amin'ny tanana, iza moa no tsy nihavana raha tojo ny fananaran'ingahirainy, ary zovy no tsy ho rotidrotika fanahy rehefa injay maheno ny toritenin'izany lehilahy izany!

Ity koa ny an'Itompokovavy Rasoa, ilay ramatoa mpampianatra ny ankizy sy ny tanora teto amintsika, firifiry akory moa izay ny tanora lasa ambony noho ny finiavan'izany ramatoa izany. Ny fahitana ny fitsiky malefaka ao anaty endrika matotra dia efa ampy nampahazoto ireo ankizy sy tanora ireo.

Ity ny... sns

Atao ahoana tokoa moa tompokolahy sy tompokovavy fa ny olombelona tsy maina fa lena ary ny lena mety ho maina, fa ny maina kosa tsy ho lena intsony. Izay no fiainana eto an-tany e! Koa manaova ny soa ho tsaroana re re olona fa na lasa aza tsy maty akory fa matory. Koa tsarovy fa raha avadiky ny tany dia vatolampy no farafara, rangolahy no tafo-trano ary tanimena no eo ambony tratra koa manaova ny marina mandrakariva re re olona a! Atsipy ny tady any an-tandroky ny omby, atsipy ny teny any am-pon'ny mahalala. Koa ankehitriny aza, avoaka ny razana dia hofonosina nefa mialoha an'izany dia tiana ny milaza fa ny manta am-bilany mila mpanokona, ny masaka mila mpandoatra ary ny voaloatra an-dovia mila mpandroso koa dia fifaliana ho an'ireto zana-drazana ireto ny manasa antsika rehetra ho amin'ny tantana rahampitso. Misaotra tompokolahy, mankatelina tompokovavy.

4.3 Tantana

Inty indray dia santionana kabary *tantana* fanao mandritra ny famadihana (andro faharoa).

Tompokolahy sy tompokovavy, manao azafady raha hiteny indraim-bava aminareo fa dia nomen'ireto zana-drazana anjara fitenenana eto ny tena, toy ny tolo-kena avy amin'andriana izao tompoko ka fady izay hozinara. Izao tompoko ny hafatry zana-drazana aminareo manao hoe: lehibe loatra ianareo ka tsy azo atelina fa raha izao ataonareo izao dia sitraka sy telina tokoa. Ianareo izao tokoa hono tompoko, no tonga amin'ilay fitenenana hoe: ilay olona miloloha tantely, misakelika akondro, mitehina fary ary manao am-paosy vatomamy ka dia mamy avokoa ny any aminareo rehetra. Ny trano no mijoalajoala dia noho ny fototra, ny vovonana no tsara fipetraka dia noho ny tolàna ary izao lanonana izao no tanteraka dia noho ny fanotronantsika mianakavy teto koa dia ho lavà velona anie ianareo rehetra ary ho todin'ny soa sy ny tsara amin'ity fiainana ity. Manaraka izany indray dia mbola narahinareo vola aman-karena izao ary koa narahinareo fotsim-bary sy omby ihany koa ho sao-drazana ka dia tsy hihinana voamanadino izahay tompoko fa hitelina voamahatsiaro ka hahatsiaro lalandava ny soa nataonareo taminay.

Ho tahian'Andriamanitra anie ianareo ary tsy ho diso anjara amin'ny razana. Koa izay ary tompoko ny sakafo mahavelona ary mba tsy hanaovanareo maimbo rezatra dia miangavy anareo handray ny tanta-manta ho an'ny mpiandry trano. Ary farany dia miala tsiny koa raha nisy ny tsy fahalavorarian'ny sakafo teto fa dia izay no takatra hoy ilay nahandro takatra e! Manaraka izany dia manasa antsika koa ho tonga maro hanotrona ny mpilalao roa hifanandrina eto mialoha ny hanitrihina ny razana. Misaotra tompoko o!

4.4 Hira gasy

Inty indray ny kabary mandritra ny fotoanan'ny hira gasy rehefa famadihana, andro fahatelo.

Azafady tompoko fa izao no tenin'ireto zana-drazana manao hoe: efa vita afak'omaly ny famonosana ireo razana ary ianareo vahoaka no tànana niara-nandray izany ary koa nanao soroka miara-milanja taminay ka nahafahana nanantontosa izany taminay. Noho izany dia faly ny fo sy ny saina satria henin-kaja ny velona ary nahazo ny anjara sahaza azy ireo razana koa dia naka mpilalao hira gasy anankiroa izahay hifanandrina eto androany ho mariky ny fifaliantsika dia ny tarika RAMILISAONA BESIGARA sy SAHONDRAFININA ZANANY izay tarika samy manana ny maha-izy azy nefa dia ataontsika adin'ombalahin'ny mpianakavy ny eto ka ny mahery tsy hobiana ary ny resy tsy akoraina. Nefa na izany aza dia indreo eo ianareo tarika roa toy ny akoholahy miady am-pasika ianareo izao ka samia ary miaro ny masony tsy ho ditsoka e! Ary farany dia manolotra fisaorana lehibe ho anareo sahady ny zana-drazana. Mirary ny soa sy ny tsara ho anareo rehetra ary handairan-tso-drano sy ho ambinin-drary anie ianareo rehetra ireo.

Toko 5

Kabary am-panambadiana

5.1 Fizotran'ny kabary am-panambadiana

Mpangataka: Manontany havoriana + vaky lela + dom-baravarana + ala fady.

Mpamoaka: Valin'ny havoriana.

Mpangataka:

- Azafady + ala sarona.
- Fialan-tsiny.
- Hasina sy arahaba ary firarian-tsoa.
- Ranja kabary.

Mpamoaka:

- Azafady + ala sarona.
- Fialan-tsiny.
- Hasina sy arahaba ary firarian-tsoa.
- Ranja kabary.
- Fisaorana vaky lela, dom-baravarana, ala fady.
- Tokim-pitiavana.

Mpangataka: Valin'ny tokim-pitiavana.

Mpamoaka: Fisaorana noho ny tokim-pitiavana.

Mpangataka: Fanomezam-bodiondry.

Mpamoaka: Mandray vodiondry + fisaorana.

Mpangataka: Mangataka ny hampandrosoana an-drazatovovavy.

Mpamoaka: Mampiditra an-drazatovovavy + filazana azy ny dinika vita sy fananarana.

Mpangataka: Fanolorana peratra rehefa avy nokarohina ka hita.

Mpamoaka:

- Fanasana ho amin'ny sakafo raha misy.
- Mofomamy: tapahin-drazatovolahy ny mofo ho an'drazatovovavy (fanapahana ny fitiavana / didian-drazatovovavy koa ny fitiavany ho an-drazatovolahy maontolo).

Mpamoaka: Fisaorana.

Mpangataka: Fisaorana.

5.2 Santionana kabary

Indro aroso anareo eto santionany amin'ny kabary am-panambadiana. Marihana fa ny atao hoe *mpamoaka* dia ilay mpitondra teny avy amin'ny zatovovavy (fa tsy zazavavy satria tsy zaza intsony ilay hanambady), ary *mpangataka* kosa no iantsoana ilay mpitondra teny avy amin'ny zatovolahy.

5.2.1 Mbola ety ivelan'ny trano

Mpamoaka: Manao azafady aho tompokolahy, manao azafady aho tompokovavy. Zovy moa izato ianareo mijoro manoloana ny trano, ho aiza izato ianareo sa misy anton-dia manokana ahatongavanareo mijoro maromaro toa izao?

Mpangataka: Manao mbay lalana e tompokolahy, manao mbay lalana e tompokovavy! Gaga sy talanjona izahay mahita izato fanontanianao Andriamatoa ANDRIAMANONTANY? Tsy sanatria akory izahay no handeha hisosososo toa vinanto tsy mahare fosa na koa hanao tahaka ny akoho ka avy hatrany dia hitsambikina eny am-pitoeran'entana. Fa tsy efa fotoana nifanomezana ve ny antsika ny andro androany, ary moa va tsy ora efa nifanarahana ihany koa izao fahatongavanay eto izao ka gaga ihany izahay amin'izany antsafa mahafinaritra ataonareo izany. Nefa moa matoa ianareo manadihady dia tsy te hihinana ambolony koa mangataka indrindra aza izahay tompoko mba ataontsika any an-trano ny tafatafa sy dinidinika fa mbola misy lava horiranina ihany. Misaotra tompoko!

Mpamoaka: Mahazo mandroso aza ianareo fa efa zay tokoa no ora nifanomezantsika!

Mpangataka: Misaotra indrindra tompoko!

Dia rehefa tonga ao an-trano indray dia izao manaraka izao no zava-mitranga.

5.2.2 Tafiditra ao an-trano

Fanamarihana Tsy avy hatrany dia mipetraka na dia efa tafiditra ao an-trano aza fa mbola miera indray aloha vao mipetraka.

1. Mangataka seza

Mpangataka: Mbola mamerina hatrany ny azafady ihany izahay tompokolahy sy tompokovavy fa ny azafady tokoa mantsy no toy ny tehin-dava manintsana avido no sady sava lalana manajary ny dia koa mbay lalana e tompokovavy! Mbay lalana e tompokovavy raha hitondra teny manoloana anareo. Mialoha ny hitenenanay anefa dia sanatria tompoko tsy hoe fianakaviana mpiady seza izahay raha hanontany izao anareo hoe: efa afaka mipetraka ve tompoko ireto fianakaviana fa sahiran-tsaina ohatran'ilay bevohoka kamban-telo izahay raha mijoro manoloana ny seza ka ny kibo itoerana sahaza ihany fa ny nono hampinonoana no tsy ampy. Mankasitraka indrindra tompoko amin'izay ho valin-teninareo! Misaotra tompoko!

Mpamoaka: Oadray! Gaga sy talanjona ihany izahay raha maheno izany fanontanianareo izany indray! Ny manta antokoana mila mpahandro! Ny masaka am-bilany mila mpandoatra ary ny voaloatra am-bilia mila mpihinana. Ny seza tompoko aty aminay tsy natao haingon-trano fa natao ipetrahana koa mahazoa toerana ianareo satria tsy nanao be fiavy ilay reniomby jamba ka sady nanoto ny miarina no nanosy ny mandry fa mbola niera vao naka toerana sady hay koa tsy maboa ohatran'ny ataon'ny mpanao politika ka miady seza ianareo fa mahazoa toerana aza tompoko!

Mpangataka: Mankasitraka indrindra tompoko ny amin'ny fanoloranareo toerana ipetrahana! Misaotra tompoko!

Tonga tsy miarahaba hono tompoko naman'ny tezitra ary miarahaba tsy mirary soa naman'ny tsy mahalala fomba koa hande ataonay toa ny arahaban-drivotra ny arahaba izay atolotray anareo ka ny lehibe voakitikitika ny kely voasafosafo. Ataonay to any arahaban-dRenimaika mitango valala ka miaraka ao avy ny tanany sy ny tongony! Sarasara tsy ambaka e tompokovavy! Sarasara tsy ambaka e tompokovavy! Mirary ny soa sy ny tsara ho anareo fianakaviana vantaninay sy nampiantrano anay izahay mianakavy tompoko, ny tananay no fohy ka tsy hahatakatra anareo rehetra fa ny fonay koasa dia malalaka ka ho solom-pifandraisan-tanana dia hande isika hiaraka hively lamako! (Ventesina ny lamako). Misaotra tompoko!

Mpamoaka: Misaotra tompoko amin'izany arahaba sy firarian-tsoa atolotrareo ho anay mianakavy izany fa dia olon-tsoa olom-banona tokoa izato fianakavina nampandrosoinay fa tsy nanao ohatran'ilay bevohoka mamangy havana ka ny tongotra tsy manitsaka ny tokonam-baravarana akory nefa ny kibobe no efa mitsidika ny varavarana! Ho valianay tompoko ny arahaba sy ny firariantsoa izay nataolotareo teo koa ny arahaba atolotray anareo dia hande ataonay toy ny arahaba toa voninkazo ka hotsidihan'ny lolo marevaka sy vangian'ny renin-tantely ka hianoka ny fahatsarana sy hianoka fahamamiana ianareo! Mirary soa ho antsika rehetra tompoko!

2. Manontany havoriana + Valiny

Mpangataka: Mbola tsy mitsahatra ny mamerina ny fisaorana ho anareo hatrany izahay tompoko amin'izany firarian-tsoa atolotrareo izany! Mankasitraka tompoko fa efa nampandrosoinareo tato an-trano izahay, nomenareo seza ipetrahana , tsy vitan'izay ihany fa mbola notoloranareo firariantsoa indray! Misaotra indrindra tompoko!

Ny fahatongavanay moa tompoko efa tsy misy miafina aminareo intsony ka mialoha ny irosoantsika amin'ny dinika manaraka dia ampanetren-tena no anontanianay aminareo hoe: efa manatrika eto ve tompoko ireo Andrianjahonoanin'ny fianakaviana, ireo angady mahatapak'ahitra sy ireo antsy mahorom-bilona ahafantsika miroso amin'ny dinika manaraka. Ny andraso andraso anefa hono mahariva andro ny andao andao mahavery entana ka izahay moa tompoko efa vonona ny hiandry ary efa nanapa-kevitra ny tsy hiala eto ihany koa raha tsy vita amin'ny antsipiriany tahaka ny didin-tsavony ny dinika ifanaovana eto. Koa miandry izay valin-teny avy aminareo izahay tompoko!

Mpamoaka: Dia mbola misaotra anareo ihany izahay amin'izany antsafa mahafinaritra ataonareo izany nefa dia mbola gaga sy talanjona ihany izahay manoloana izany satria, ianareo anie efa nampandrosoinay, efa nomenay fitoerana ka aminay manokana raha mbola tsy eto ireo tompon'andraikitra voalohany amin'izao raharaha izao dia mbola tsy nampandroso anareo izahay! Tsy rivotra anefa isika ka hiady fiakarana na rano ka hiady fidinana fa efa ireo manatrika eto tokoa ireo iamboava-mahefa sy atreha-mahavita ka ento izay dinika entinareo.

Sady efa hitanay ihany koa fa vava maika hilaza ny anareo, ny anay koa sofina maika handre. Ka endre, lazao sy ambarao ary izato izy Andriamatoa (raha mpikabary lehilahy no mpikabary eto). Misaotra indrindra tompoko!

3. Fanolorana vaky lela sy dom-baravarana + valiny

Mpangataka: Misaotra indrindra tompoko! Ny fisaorana tokoa ry lahy tahaka ny fary lava vany ka tsy lany hamamiana ka dia manantitrantitra ny fisaorana hatrany izahay! Misaotra indrindra tompoko! Mialoha an'izany dinika rehetra izany anefa dia satria ny tenanay no namaky lela teto voalohany dia indro izahay manolotra ny vaky lela ho mariky ny fanomezam-boninahitrareo ary manolotra ihany koa ny dom-baravarana an'ny tompontrano izay namoha midanadana ny trano mba ivantananay toa izao! (Ny vaky lela dia

atolotra ny mpikabary andaniny ary ny dom-baravarana atolotra ny renim-pianakaviana izay tompon-trano ao amin'ilay ivantanana.)

Mpamoaka: Ny fotoana toa izao tokoa no ahatsiarovana ny tsianjerin'ny ankizy hoe: Raha misy manome zavatra ho anao kinga miteny hoe misaotra tompoko o! Ny anay anefa dia mbola tianay ampiana hoe: hanao zavatra ireto fianakaviana ireto fa vao ety am-piandoana dia efa mahalala ny tokony atao! Toa te hanampy izahay manao hoe: tsara tana-mandray izahay tompoko ka raha mbola misy any dia atolory hatrany! Misaotra tompoko!

4. Fanolorana ny ala fady na ny tampi-mason'anadahy + valiny

Mpangataka: Ny kabarin-tsaka tokoa re olona no omeo omeo lava ary tsy sanatria akory mpitahiry volam-panjakana izahay na banky foibe ka misy izay raisina fotsiny ato aminay! Nefa moa ny fanambadiana toa izao dia misy ihany ny pitsopitsony kely isan-karazany koa, ka raha eto tompoko ny anadahin'ny zatovovavy na ny solon-tenany raha toa izy tsy eo mba itsangana kely azafady ahafahanay manolotra azy ny ala fady satria resaka fanambadiana ny atao eto koa manahirana ny miresaka an'izany eo imason'olom-pady ka izany no anoloranay an'izany dieny ety am-piandohana. Misaotra tompoko!

Mpangataka: Hay izato ianao Andriamatoa toa ny vorontsiloza ka raha vao siahina kely dia midoroboka! Vao nosiahina kely dia edre izato izy miakatrakatra ery! O re olona a! tena hanao raha hoy aho ireto fianakaviana ireto fa vao nolazaina izy teo hoe: raha mbola misy any dia atolory dia hitanareo amin'izao fa mbola nandrotsaka hatrany izy ireo! Misimisia ny toa izao fa dia vonona hatrany izahay ny handray! Mankasitraka tompoko!

5. Azafady + Ala sarona + Fialan-tsiny + Hasina sy arahaba ary firarian-tsoa + Ranja kabary (avy amin'ny Mpangataka)

Mpangataka: Manao azafady ary ry Andriandahin'ny tany, manao azafady e ry Andriambavilanitra fa ny azafady hono manko no toy ny tehin-dava manitsana avido no sady fangatahan-dalana raha hiteny manoloana ny voninahitrareo rehetra etoana ary koa fanomezam-boninahitra anareo hitenenana ihany koa! Ny azafady manko tsy maintsy atolotra satria io no lalan-tokana hanajary ny dia! Ny vilany misarona hono toa misy hena ary ny akohovavy raha mikakakaka toa hanatody fa izahay kosa raha hivolana dia tsy maintsy manao izany azafady izany!

Manaraka izany dia tsy maintsy miala tsiny ihany koa satria ny miteny tsy afa-tsiny dia tahaka ilay boka nangala-pihinana ka lany andro eo am-pisangiana takotra eo! Izy ity koa tahaka ilaikely milalao kary ka milaza hoe: ny filalaovana no ahy fa ny kary andrafotsy! Ny miteny tsy afa-tsiny manko toa ahitan-doza avokoa izay atao ka tonga araka ny fanisana hoe:

- Manisa ISA: toa latsakisa foana izay atao;

- Manisa ROA: mirohana lava tsy mahatapa-kevitra;
- Manisa TELO: toy ny mitafy lamba jiafotsy ka in-telo asampina miborotsaka foana;
- Manisa EFATRA: mandia an-tanety efain'ny lambo, miampita rano afarn'ny voay;
- Manisa DIMY: dinidinihan'ny varatra;
- Manisa ENINA: tsy heni-kaja tsy henim-boninahitra amin'zay atao;
- Manisa FITO: fitapitahan'ny olona atokisana sy fitapitahan'ny ataony ihany;
- Manisa VALO: salama tsara tsy marofy fa tojo fahasahiranana tsy azo ivalozana;
- Manisa SIVY: savihan-doza, savihan'atambo;
- Manisa FOLO: folaka an-datony.

Ka raha toa izany rehetra izany no mahazo ny olona voan'ny tsiny dia aleo ialantsika ny tsiny. Izahay rahateo tsy nivimbina tsiny, ianareo inoanay fa tsy manan-katolotra. Izay miteny be momba ny tsiny eo tokoa manko no toa ananan-tsiny ka hande apetratsika eo amin'ny Tompo izao fiarahan'ny fianakaviana midinidinika izao mba hoentin'ilay efa tsy manantsiny teo ambony hazo fijaliana izay mety ho tsiny rehetra mihaodihaody any rehetra any ka na iza na iza manatrika etoana dia ho samy afa-tsiny avokoa dia mba hisaraka ho azy tsy nokapaina tahaka ny lanitra sy ny tany isika sy ny tsiny! Misaotra tompoko!

(Afaka asiana fitondrana am-bavaka eto na azo atao any am-piandohana ihany koa.)

Rehefa vita izay ny fanalana ny tsiny sy fametrahana izao fihaonana izao amin'ny Tompo dia ny hasina sy ny arahaba koa tsy maintsy atolotra satria izany no fomban'ny manam-panahy.

Koa handeha aza atolotra an'ireo Andriampanana azy avy izany hasina sy arahaba izany. Ny hasina dia atolotra manontolo an'ilay Ray Mpahary izao tontolo izao satria Izy no nahary antsika ka na toa inona na toa inona fikasantsika dia zava-poana izany rehetra izany. Ho any Tompo Ray Mpahary anie ny hasina ambony indrindra izay efa azy hatramin'ny taloha ka mbola ho azy mandrakizay!

Ny arahaba atolotra manaraka izay dia ho an'ireo ray aman-dreny amin'ny tany izay nitoto nahafotsy nahandro nahamasaka. Ao koa ny arahaba atolotra anareo ry zoky be toa ray izay tsy ialohava-mamindra sy tsy ialohava-mandeha! Tsy tsapain-tsy hita toa lamosina koa anefa ianareo mitovy saranga amin'ny tena izay tsy menatra ny hanebaka raha mitavozavoza fiteny eto ny tena fa dia arahaba e ry kijeja niara-nita sy ry ilay tatamo naira-niodina! Tsy itodihan-tsy hita toa ravin-tsofina koa anefa ianareo zandry zanaka mahaleo mahalasa rehetra fa ianareo no kolokolo dimbin'ny ala rahampitso sy solofo dimbin'ny vary, koa arahaba manaova ny soa hohasoavina anie ary arahaba manaova ny tsara hotsaroana! Tsy atao ambany maso tsy hita toa vatan'orona ihany koa anefa isika adriambavilanitra rehetra izay toa atao ampara filazana nefa isika no tena faratampom-boninahitra satria isika no nipoiran'ny firenena, isika ilay nitondra folo volana an-kibo sy

niankin-drindrina irery, arahabaina toa olo-mahery isika ka mivoka toa maro mpitazana ary mandeha toa maro mpihoby!

Izay no ela, izay no fohy Tompokolahy sy Tompokovavy hajaina isany nefa na dia ela za izay tsy azo lalovam-potsiny fa saran'ny lalana sy voha-vavahady ahafahana mizotra amin'ny lalan-kaleha.

Tonga eto aza izahay tompoko, manotrona izao zatovolahy efa nomenareo toerana manokana izao! Mitsangana kely aloha ry ise mba ho hitan'ny olona tsara a! Tonga eto izahay hoy izahay teo manotrona izao tovolahy izao, singany ka mila namana, irery ka mila mpanohana! Izahay izay tonga eto dia fianakaviana avy amin'Andriamatoa ... zanaky ... sy ... sy ao ... Taranaka avy amin'ny lafin-drainy ... sy taranaka avy amin-lafin-dreniny ... Tonga eto hiandra vovonana ka hangataka ny zanakareo vavy Ramatoakely ... Zanaky ... Sy ... Avy ao ... Taranaka avy amin'ny lafin-drainy ... sy taranaka avy amin-lafin-dreniny ... Tonga eto izahay tompoko satria fantatray, fantatr'io zandry zanakay io tsara fa eto aminareo hono manko ilay domoina malemy paika manambaka ny voromailalan'Iarivo. Eto aminareo no misy ilay sampan-kavia mahay mihaingo nahababo ny fon'izato zanakay izato. Koa aza avela hanao kabarin-tsaka re izahay fa mba ekeo ny fangatahanay satria ry zareo rahateo efa mifankatia. Tianay ihany anefa no mamerina aminareo fa izahay efa vonona ny tsy hiala eto raha tsy mitondra mody. Koa miandry ilay ENY avy aminareo izahay tompoko! Misaotra tompoko!

6. Azafady + Ala sarona + Fialan-tsiny + Hasina sy firarian-tsoa + Ranja kabary + fanontaniana tokim-pitiavana (avy amin'ny Mpamoaka)

Mpamoaka: Kabary tokoa zany zalahy ka kabary! Tena gaga izahay ary tena talanjona fa hay ianareo nitondra mpikabary malama vava toa izany! Saika hipetraka izahay fa tsy asehaka sao tratry ny hoe: raha varatra mirefotra ianareo, izahay vatolampy ampy handihizana; raha valala mikitro-piavy ianareo, izahay lohasaha ampy handriany; raha mpamboly mahay ianareo izahay tsy atoro voanjo hadiana fa efa mahalala ny mavo ravina ahifika. Manoloana an'izany rehetra izany anefa dia aza matahotra ianareo fa tsy ataonay kabary tsy misy tohiny ny antso ataonareo na koa toy ny antso any an'efitra ka tsy hisy hanoina. Tsy mikopaka anaty zavona ianareo ka manao izay tsy ifankahitana ary tsy sanatria ataontsika vetso miampita ka hoe mifanatrika fa tsy mifankahita ny fihaonatsika eto!

Manoloana izany rehetra izany dia tsy maintsy hanao azafady ihany aho satria izy aza mpikabary sy mpitondra teny malama vava toa io mbola manao azafady ka inona moa izay izaho: manoratra aho mitavozavoza, miteny koa torak'io, rafotsibe mihinan-kitoza re ka kiry no be eto anio. Koa azafady miserana e Tompokovavy, azafady manembana e Tompokolahy!

Tsy hipasoka ny efa malama aho na hitsabo ny efa salama raha mbola hamerina ny arahaba sy firariantsoa izay efa natolotrareo teo izay efa namolivoly fanahy tokoa fa dia arahabaina toa tara-masoandro isika rehetra izay manatrika etoana ka dia hotsidihan'ingahibe masoandro avy ny isam-baravarana! Toloran-kasina koa Ilay nahary

izao tontolo izao satria Izy no filoha sady tompon'ny voninahitra ambony indrindra eto amin'izao tany iriariavan'ny manan'aina rehetra izao! Ho Azy irery ihany anie ny Haja sy ny Voninahitra izay efa Azy hatramin'ny taloha ka mbola ho Azy mandrakizay. Ho an'Ilay avo fiupetraka fa iva fijery anie ny dera amam-boninahitra.

Raha ny momba ny tsiny indray dia efa nirahantsika naheno teo fa dia efa nipoapoaka mihitsy ny nanalan-Dramatoa mpitondra teny teo nefa tsy maintsy hiala tsiny ihany aho satria ho toa ilay boka mievina ka afa-drofy anio fa hivindina indray rahampitso! Koa ialako ny tsiny ho ahy izay mitondra fitenenena sy ho anao izay mpitondra fitenenena avy amin'ny ankilany ary tsy ho anay ihany fa ho antsika izay manatrika rehetra etoana!

Raha ny momba ny vahavahan-dresaka nentinareo teo tokoa dia tsy ataonay antso andohariana izay volazanareo rehetra teo!

Raha vao nigadona teo an-tokotany tokoa ianareo dia efa hoy ny tanora tato an-trano hoe: aza asarotina intsony ny raharaha fa hahita tovolahy ohatran'izao aiza indray, ireo ray aman-dreny anefa nilaza indray tetsy ankilany hoe: iaraha-mahita izao hasoan'ny izato zatovolahy fa alao ambony aloha alao ambany fa sao sanatria toy ny akoholahy fahavaratra ka ho lasan-ko volony fotsiny na koa to any vano ambalam-parihy raha tazanina ka sady avo no fotsy botsika nefa rehefa jerena dia kay kely fingotra!

Mahafadia indray hoe ry zatovolahy raha hampitsangana an'ise indray izahay! Tovolahy tokoa izao zalahy ka sady manga no mena, sady manja no meva! Aiza marina izahay no hahita toa anao toa izao! Mazahoa ise toerana!

Tsy ny fitalakotrokotrokin'ny orana tokoa no hahamasaka ny vary mbola maintso eny an-tsaha ary tsy ny famirapiratry ny zinga no hahafaka hetaheta. Io zandry zanakay io tsy sanatria akory zanaka tsy tiana ka zara aza misy mangataka, na koa hoe zanaka tsy omby trano ka hande atao sesi-dohalika fa ny langa no azo hohanina, teny ierana avy amin'ny vary, ny jabo no azo tafiana teny ierana avy amin'ny landy ary ny fanambadiana no raikitra dia teny ierana avy amin'ny ray aman-dreny.

Koa raha araka izany rehetra izany dia aleonay aloha manadihady sao sanatria hihinankena tsy fantatra anarana ary na maika tahaka ny inona koa aza isika dia tsy fanao ny mitondra entana tsy voafehy na koa hanao bevohoka ratsian-kena ka hande hanaikitra omby mitsangana. Koa hametraka fanontany aminao izahay andriamatoa izay tonga eto miandra vovonana aminay, raha any sitrakay moa dia ianao mihitsy no iantefan'ity fanontanianay ity nefa izato ianao efa nitondra mpisolo vava ka atpetrakay aminy izao fanontaniana izao, aoka anefa mba tena ilay teny marina avy ao amponao no hivoaka sy holazain'ity mpitondra teninao ity fa tsy sanatria zavatra hafa.

Raha tiana hateza hono izany lamba tinafy, tsongoy izany tenony sao dia tsy mafy. Raha tiana ho tody ny laka-nitana ny tevin-damosina aloha no ndeha hozahana, fa raha tiana hateza ny fanambadiana dia ny tokim-pitiavana no anontaniana. Koa manao ahoana sy manao ahoana tokoa iky no tena fitiavan'izato zatovolahy entinareo sy hotroninareo eto aminay izao an'izato zatovovavy zanakay izao? Ndrao lahy atao fitia vary aloha ka mahavoky fa tsy mahavita taona na hande hatao fitia varavarana, tiana ihany ka atositosika. Sao atao toy ny fitiavana raikitra tao anaty taxi-be ka rava rehefa tonga

teo amin'ny "arret" na koa fitiavana raikitra tao anaty Facebook ka rava satria tsy azo antoka ilay toky. Miankina be dia be amin'izay mety ho valin-teninareo eto tompoko no hitohizan'ny dinika manaraka na sanatria koa mety ho fiafaran'izao dinika izao. Misaotra tompoko!

7. Valin'ny tokim-pitiavana

Mpangataka: Mankasitraka indrindra tompoko amin'izany teninareo izany. Isika mpitondra teny tokoa ity no manoatra noho ny bevohoka tsy mahalala andro ka mitsangamitoetra.

Efa izaho tokoa no neken'ny fianakaviana manontolo hisolo tena azy ireo amin'ny fitondrana fitenenana ka dia hoentiko ihany ny valiny izay fanontaniana napetrakareo izay. Misaotra tompoko amin'izay fanadihadiana tianareo hofantarina izany ary mankasitraka sy manakatelina ihany koa ny amin'izay satria raha avy hatrany ianareo ka tonga dia nanome dia mety ho sanatria toy ny boka mialo-poza ka hanosika azy hiverina satria nahoana, mampieritreritra sy mampiahiahy hoe fa zanaka tsy tiana tokoa angaha izy ity ka zara aza misy mangataka sa zanaka tsy omby trano ka atao sesin-dohalika? Tsy izay anefa no zava-nisy fa nalainareo ambony, nalainareo ambany. Nataonareo toy ny sakalava ka sady nojerenareo na ny sakany, nodinihinareo ny lavany. Marina ihany koa ny fanamarihanareo fa tokony io zandry zanakay io tokoa no hamaly izany vahavahan-dresaka izany fa saingy tsy ho vita eto io raharaha io fa tena ampoka fitia sy tototra fitiavana izy io amin'izao ora sy fotoana izao ka dia aleo izaho izay efa mpitondra teniny ihany no aoka hamintina izay efa nolazainy tamiko. Raha ny fitiavany an'ny ... zanakareo io tokoa tompoko hono no holazainy dia tsotra fotsiny ihany. Tiany hono, tiany ohatran'ny tenany. Ka iza amintsika izao tokoa moa no sahy hilaza fa tsy tia ny tenantsika, ka raha araka izany dia raha tiany ny tenany dia karakarainy tsara. Toa izany no anaovany io zanakareo io. Tiany tena tiany! Tsy asiana hoe nahoana fa dia tiany fotsiny amin'izao. Iarahantsika mahalala ihany koa moa fa samy notezaina tamin'ny fomba kristianina ireo zanakintsika ireo ka raha nisy fotoana izy ireo tafaraka niangona dia nanokatra ny fihiranany ny zatovolahy ... dia teo amin'ilay hira hoe: "Aoka ny foko sy ny fonao, hiara-mitepo tena iray. Aoka ny saiko sy ny sainao hiray safidy mandrakizay." Dia nanokatra fihirana koa ny zatovovavy ka indro fa teo amin'ilay pejy misy ilay andalan-tonokira hoe: "Tsy manan'olon-kafa aho fa ianao no fiainako. Hanara-dia anao, izay no faniriako!" Dia toa izay no efa fifankatiavan'izy roa ka inoanay fa mahafehy ny fanontaniana napetrakareo izay. Ary mba inoanareo fa tena marina izay voalazako teo izay fa ilay teny izay efa nolazainy tamiko dia angatahantsika izy hitasangana dia hiatoka kely dia ho hitantsika eo.

(Tehaka mirefodrefotra no handraisan'ny fianakaviana izay.)

Ny kanetin'ny ankizy tokoa tompoko no misy ankadasitra fa ny fitiavan'ireto tanora ireto dia mandrakizay no fetra koa mino izahay tompoko fa tsy ianareao no hitsangana ho fefiny na hitsivalan-ko ho hidiny fa mba hanaiky izay fangatahanay. Mino izahay tompoko fa ampy sady feno izay tokim-pitiavana nolazainay teo izahay ka mbola mamerina ny

fangatahanay ihany izahay. Misaotra tompoko!

8. Fisaorana noho ny tokim-pitiavana + Fangatahana vodiondry

Mpamoaka: Kabary tokoa izany ka kabary! Mahay ny mpitondra teninareo koa dia mankasitraka indrindra amin'izay tokim-pitiavana mirehidrehitra izay. Andraso aloha hanontaniantsika ireo ray aman-dreny niteraka, ny kibo nifonosana raha toa ka mety aminy izay tokim-pitiavana avy amin'ny zatovolahy ... teo izay. Mahafa-po antsika ve izay ry zareo?

(Tehaka hatrany no valin-teny ao aorian'ny fiantohan'ny ray aman-dreny.)

Koa satria efa nanaiky ireo ray aman-dreny niteraka dia hiroso amin'ny dingana manaraka isika. Toa ny vato ambany rihana anefa isika ka tsy manao izay hikorontanana fa mifanamboatra toerana fotsiny ihany. Amin'ny fotoana tahaka izao tokoa manko no tena ahatsiarovana fa na madio tahaka ny inona aza, ny ravitoto tsy mba fanasa, na toa inona aza fahamaikana hihinan-kena ny toto-kena tsy mba fitetika ary na bevohoka ratsian-kena aza tsy fanao ny manaikitra omby mitsangana. Na ho tapitra tokoa aza ry lahy ny ririnina, ny zaza tsy mbola teraka tsy azo foraina. Ary amin'ny fanambadiana toa izao dia tsy azo atao ny mitari-bady tsy lasam-bodiondry! Efa nisy dia nisy tokoa ireo fanomezam-boninkahitra efa nentinareo sy nasehonareo fa ilay kofehi-mando mitana ny fanambadiana no angatahinay aminareo ho tohin'ny dinidinika izay efa noresahantsika teo izay. Misaotra tompoko!

9. Fanomezana vodiondry na solom-bodiondry

Fanamarihana Marihana fa misy ny fianakaviana sasany dia tena mbola manolotra vodiondry ara-bakiteny mihitsy fa amin'izao fotoana izao dia matetika kosa efa solom-bodiondry no atolotra.

Mpangataka: Faly izahay satria efa hitako eto hoy ilay jamba be finoana fa efa naman'ny manaiky ny fangatahanay ianareo.

Ny amin'ny resaka vodiondry tokoa dia nitondra an'izany solom-bodiondry izany izahay. Solom-bodiondry hoy izahay satria raha iverenantsika kely ny tantara momba ny vodiondry dia toa izao: tamin'ny andro teo aloha dia salaka landy sy lamba landy no atolotra ho an'izay ho rafozanina. Ny lamba landy atolotra ho an'ny rafoza-bavy ary ny salaka landy ho an'ny rafozan-dahy. Tsy nitondra izany izahay tompoko, satria atao ahoana re no hahita an'izato ray aman-drenintsika ato izao hiverina hisalaka indray! Izay no tsy nitondranay an'izay tompoko, ary nisy koa ny fitondrana omby rangaranga tandroka. Tsy nandroaka omby koa izahay tompoko satria na izahay handroaka an'ilay omby hosahirana moa izao trano kanto sy soa izao koa moa no itondranay omby rangaranga tandroka mety isika mianakavy ihany no ifanao tsy omby aloha eto hitsoaka ka mety hanahirana fa sao dia voatery iantsoana vokovoko mena eto isika mianakavy.

Teo koa anefa ny fotoana nisian'ny fitondrana ondry lehibe mivadik'ofaka ka ny manankatao dia midehadehaka ery mandroaka izato ondry vaventy sy mivadik'ofaka fa ny sahi-

rana kosa sahirana ery manafinafina ilay ondrikely. Izay no tsy nitondranay ondry satria sehatra iray efa manavanana ireo manana sy manana izay. Tao aorian'izay dia nisy ny didy navoakan'ny mpitondra fanjakana tamin'izany andro izany ka izay lehilahy tsy manamboamena dia tsy mahazo manambady, koa nanomboka teo no nisoloan'ny vodiondry ho vola izay lasa solom-bodiondry taty aoriana. Io solom-bodiondry dia nasiana ny karazambola izay nisy rehetra ary nasiana vato dia nofonosina natao maro sosona dia nofatorana, ny antony dia mba ho mafy tahaka ny vato ilay fifamatorana ary ho saro-bahana ilay tady nampifamatotra.

Koa indro izahay manolotra izany solom-bodiondry izany ary ampiarahanay aminy ao avokoa ireo sakelika maro isan-karazany toa ny solo ala-volo fotsy, solon-tsaka rano, solombabena, solon-karon-drahavavy, solom-pakana kitay, solom-panomezam-boninahitra ho an'ny anadahy ary koa ireo sakelika maro isan-karazany izay mety tsy ho voatoninay nefa efa tafiditray ao. Raiso tompoko fa tena vokatry ny fo fa sady efa nataonay amin'ny alalan'ny FF, tsy sanatria akory ilay FF midika hoe Farantsa Frantsay izay efa nivadika Euros ankehitriny fa FF midika hoe FO feno FITIAVANA ka inoanay fa raisinareo amin'ny alalan'ny FMG na ilay FO MIDADASIKA sady GOAVANA. Misaotra indrindra tompoko!

10. Mandray vodiondry + Fisaorana

Mpamoaka: Ny fisaorana tokoa no tsy lany hamamiana tahaka ny fary lava vany ka manantintrantitra ny fisaorana feno ho anareo hatrany izahay.

Tsy hiady varotra an'ity solom-bodiondry natololotrareo ity izahay satria sao dia takianareo karatra statistika sy karatra maha-mpivarotra eo izahay. Ianareo tsy mpividy olona, izahay rahateo tsy mpivarotra. Raha ny fahitanay sy ny fandraisanay azy ity aloha dia hitanay fa mavesabesatra ihany sady e izany izy efa nampiarahana miaraka aminy ao hatramin'ny FF sy ny FMG. Raha tonga ny ora sy ny fotoana izay hanokafanay azy ity dia hiteny toa izao izahay raha betsaka ny ao anatiny hoe: Izany ka lehilahy, izao aza vao manomboka dia izao no ataony maika fa ao aoriana kely ao. Raha sendra ka kely kosa ny ao anatiny dia faly dia faly izahay satria ety am-piandohana dia efa tsapanay fa tsy manao tondraka anio maninjara ity vinantonay fa efa mahay mitsinjo ny vodiondry ho merika! Ary raha toa moa ka tsy misy ny ao anatiny dia hisaotra an'Andriamanitra lehibe izahay ka hiteny hoe: Misaotra indrindra re ry Ray fa dieny zao dia efa mahalala ny tsy misy ity zanakay! Ka araka izany dia faly foana izahay na inona izany no ao anatin'io ao na inona! Misaotra tompoko!

Koa satria moa efa tanteraka ankehitriny ny tena votoantin'ny fanambadiana dia milaza izahay hoe indro ny zanakay Ramatoakely ... Zanaky ... Sy ... Avy ao ... Taranaka avy amin'ny lafin-drainy ... sy taranaka avy amin-lafin-dreniny ... Omenay Tanana sy foinay tongotra ho vadin'ny zanakareo Andriamatoa ... Zanaky ... Sy ... Avy ao ... Taranaka avy amin'nylafin-drainy ... sy taranaka avy amin-lafin-dreniny ... Sady ny ankizikely aza moa tompoko mahafantatra hoe: izay manome tsy foifoy hono miteraka bibilava. Ary tsy izahay ihany koa no hamilafila hanin-tian-jaza! Misaotra tompoko!

11. Fangatahana ny hampandrosoana ny zatovovavy

Mpangataka: Raha midona hono ny orana an-karatra vaky tsimpelana ny any Anjefy. Raha mipaika ny oram-pitiavana. Mitsanga-mitoetra ny tia sy ny tiana. Ny zatovolahinay anefa hono eto te hitehaka ny zatovovavinareo any te hitolekaka, ka aza avela hitehaka sy hitokelaka samirery fa mba antsoy re izy iaraha-mijery! Misaotra tompoko!

12. Fampidirana ny zatovovavy + Filazalazana azy ny dinidinika efa vita teo nandritra izy tsy nanatrika teo

Mpamoaka: Izao no izy anaka, araka ny efa fantatrao dia tonga teto ireto fianakaviana teto, tonga nanotrona izao zatovolahy ilaharanao izao. Raha fintinina aminao ny tafatafa sy ny dinidinika izay lava dia lava teo izay ary na ianao aza angamba tany an'efitra tany efa nitaintaina be ihany fa saingy ny fanambadiana anaka tsy vitan'ny indray andro na iray volana fa mandrakizay no fetra. Koa tsy maintsy nanadihady tsara izahay vao afaka nanaiky ny fangatahandry zareo. Koa rehefa afa-po tsara izahay sady efa vitany avokoa ny fombafomba rehetra tokony ho tanterahana amin'izao dingana izao dia nanaiky izahay, araka izany dia mpivady efa lasam-bodiondry ianao sy io tovolahy ilaharanao io. Toa tsy mety nefa anaka raha manontany ny an'olona isika milaka milaka ka ny antsika indray milaka miohaka ka raha tena tianao marina io zatovolahy eo anilanao io dia mangataka anao izahay hijery any aminy ary hiatoka fa tena tia azy tokoa ianao.

(Tehaka hatrany no setriny izany!)

Misaotra anao anaka!

Indro ary ry tovolahy efa nomenay anao madiodio ny zanakay ka araka ny tokim-pitiavana nomenao dia inoanay fa tandrovinao ho toy ny anakandriamaso izany fitiavan'ny zanakay anao izany sy ny fitiavany anao koa! Tso-drano no atolotray hoe: Mirary tokatrano sambatra ho anareo izahay ary mirary anareo ihany koa hanana dimby sy fara izay handimby ny anaranareo rahatrizay.

13. Fanolorana ny fehezam-boninkazo sy peratra

Mpangataka: Faly mandray anao tafiditra ho isan'ny fianakaviana izahay anaka! Raha araka ny fampahatsiavina anao teo ny zava-nitranga rehetra dia nisy ny fanomezana izay natolotry (Zatovolahy) ho an'ny dom-baravarana, teo koa ny vaky lela. Tao ny haja ho an'ny anadahinao ary tsy adino koa ny tena zava-dehibe dia ny solom-bodiondry izay nomena ireo kitapo nifonosanao. Tsy adinony anefa ianao fa nitondrany zava-tsoa sarobidy koa dia tsy inona izany fa fanomezana izay nataony ao anatin'io fehezam-boninkazo io ka mba mangataka anao izahay hikaroka izany fanomezana nomeny anao izany ao, ary mba jereo amin'ny endrika mirana fa izy koa nitady anao mba sahirana.

(Mikaroka ny peratra ny zatovovavy, raha sanatria tena tsy hita nefa ny fotoana mande ihany dia manampy izao ny mpitondra teny avy amin'ny mpangataka.)

Hitantsika amin'izao ry Havana fa tsy moramora ny sedra mianjady ao anaty tokatrano ao ka na dia efa niezaka nitady tamin'ny endrika mirana aza i ... (Zatovovavy) dia

tena hitantsika tokoa fa tena sahirana ka raha sitrakao andriamatoa dia omeo tanana ny fofombadinao fa toa izao no ilaina ny hoe tsar any roa noho ny iray fa raha lavo izy misy mpanarina ary raha tsy mahita izy misy mpanoro.

Rehefa hita ilay zava-tsoa sarobidy ao dia asehoy ny olona mba ho hitany fa fanomezana natao ho anao irery izy iny fa tsy zaraina ho an'olon-kafa. Atolory ny fofombadinao izy iny mba ho apetany eo amin'ny rantsanao. Tsy atao amin'ny ankihikely satria tsy zazakely intsony fa efa olon-dehibe. Fa atao amin'ilay manaranara-poana io mba hifanaraka tsara ianareo roa fa tsy hiatakataka toy ny ankihibe.

Koa satria moa efa vita izay ny anton-dianay ka hangatan-dalana izahay hody fa maika ho asehonay any an-tanana ny zanakay vaovao. Misaotra tompoko!

14. Fanasana ho an'ny sakafo (raha misy)

Mpamoaka: Hitanay amin'izao tokoa fa faly sy ravo ianareo fa sao dia adinonareo aza fa ny anareo zatovolahy, ny anay zatovovavy ka raha iray ampiana iray zany lasa roa ny anareo dia roa koa ny anay satria manomboka eto dia fianakaviana iray isika mianakavy fa tsy misy zanak'ilakahafa eto.

Koa satria moa naharitraritra ihany izay dinika nifanaovantsika teo izay dia aleo isika mianakavy mba hiaraka hanala hetaheta fa misy tonom-balala sy endim-bomanga ihany ao nokarakarain'ny fianakaviana sady misy rano mangalahala ihany koa fanala hetaheta koa dia mansa anareo am-pitiavana izahay tompoko amin'izay kely voaomana ao fa na valala iray aza ifanapahana e! Misaotra tompokolahy! Mankatelina Tompokovavy!

Mpangataka: Ny lalana tokoa no misy sisiny, ny laoka no misy saosiny, ny teny misy sasiny fa raha asainareo izahay mianakavy dia tsy ho ranon'Ikopa akory izahay ka tonga namana vao ho mavomavo. Ka raha sitrakareo aza dia vonona izahay ny hiaraka hisakafo amianreo dia ny kibo voky mitafotafo tokoa eto no solon'ny vady manafosafo, dia aza variana amin'ny eo akaiky aza ry lahy sao izy voky fa ianao taraiky. Misaotra tompoko!

15. Mofomamy (raha misy)

Ny mofo dia ilaina jeren'ny mpitondra teny tsara izay bikany eo dia miankina amin'izay no kabary atao. Tsy atao tsianjery be fahatany izy ity fa sao boribory nolazaina nefa ilay izy aza lavalava.

Toko 6

Famaranana

Eto am-pamaranana ary dia ...

Dikateny

sao-drazana vola omen'ny vahiny an'ireo fianakaviana tompontrano, 11

tantana fihinanana ny vary be menaka, 13